Ny Valosoa sy Fakafaka **2**

**Tsy milamina ny fanadinana CEPE sy BEPC ary bacc 2022**

Ministra voalaza ho mpanavakavaka **2**

**Tsy milamina ny ao amin'ny raharaham-bahiny, migrevy ny mpiasa**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 2 jolay 2022 Laharana 1315 Vidiny : **500 Ar**


**Facebook** **3**

**Tsy rariny intsony ity delestazy ity, simba ny fiharian'ny maro**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**Faha-20 taonan'ny antoko TIM** **3**

# Maro no latsa-dranomaso amin'ny fampirantiana ny tantarany



**Solontenan'ny Vehivavy TIM manerana ny Nosy** **2**

# Mitaky ny famoahana tsy misy fepetra an'i Ninie Donia



**Volamena 36 kg mahery tsy hita** **3**

# Tsy madio ny Praiministra Ntsay, na manilika andraikitra aza



**Kaominina Sabotsy Namehana** **7**

# Mahazaka tena amin'ny resaka fampandehanan-draharaha



**Kitra Telma Coupe de Madagascar** **5**

Tsy nahazo an'i Mahamasina ny lalao famaranana

**Raharaha OMDA** **6**

Mirehitra ny môtro eo amin'ny ministra Lalatiana sy ny artista

**Daka kely**



Volamena any amin'ny v.... ary hitan'ialahy isany koa ny tao anaty coffre ve dia tsy hita ry Boaikely a !

SOLONTENAN'NY VEHIVAVY TIM MANERANA NY NOSY

# Mitaky ny famoahana tsy misy fepetra an'i Ninie Donia

Tonga eto Antananarivo hanatrika ny faha-20 taonan' ny antoko Tiako i Madagasikara ireo vehivavy TIM manerana ny faritra maro manerana ny Nosy. Manoloana izany dia nifamotoana tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM tao Bel'Air ireto farany omaly. Ny tanjona araka ny nambaran'ny filoha vonjimaika ny vehivavy TIM Analamanga Arphine Rahelisoa dia ny fijerena indray ny anjara toeran'ny vehivavy TIM aty amin'ny 20 taona manaraka indray. Ka ny tena imatimatesana amin'izany dia ny hametrahana ny filoha Marc Ravalomanana eo amin'ny toerana maha filohampirenena azy indray. Mahatsiaro mangirifiry mantsy hoy izy ny vehivavy satria izy ireo no maro an'isa ary mahafantatra ny fahasahiranana mianjady amin'ny tokantrano tsirairay. Ankoatra izay dia ilaina ny fitoviana eo amin'ny samy vehivavy TIM manerana an'i Madagasikara, mba ho feo iray no atao hahamafy orina ny asa ataon' ny vehivavy sy hampandehanana ny antoko araka ny tokony ho izy, izay miainga avy any amin'ny birao nasiônaly. Ny vehivavy TIM avy any Toamasina, ny depiote teo aloha Voizy Blandine indray dia nitaona ny vehivavy TIM manerana an'i Madagasikara mba hijoro manoloana ny zavatra misy ankehitriny eto amin'ny firenena ary haneho firaisan-kina. Mangataka ihany koa izahay vehivavy TIM hoy izy ny hamotsorana tsy misy fepetra an'i Ninie Donia mpikambana ao amin'ny antoko TIM, satria fitakiana ny rariny amin'ny mahazo ny mpiray tanindrazana aminy no nijoroany. Fa nanatrika ny fotoana tao an-toerana ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Riana Randriamasinoro, nanome toromarika iombonana ho an'ny vehivavy TIM. Tanjona iray izao hoy izy no hatrehintsika amin'izao dia ny fampandaniana ny filoha Marc Ravalomanana. Ampirantiana ao amin'ny Magro Behoririka ankehitriny hoy izy ny zavabitan'ny filoha Marc Ravalomanana, ka betsaka ny latsa-dranomaso nahatsiaro ny zavabita tamin'izany fotoana izany, izay potika sy rava ankehitriny.



*Ny solontenan'ny Vehivavy TIM manerana ny Nosy, nanao fanambarana tetsy Bel'Air omaly.*

**Ny Valosoa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Tsy milamina ny fanadinana CEPE sy BEPC ary bacc 2022

Nivoaka ny sabotsy 25 jona ny valim-panadinana CEPE tamin`ny faritra maro teto amin`ny Nosy. Noezahina navoaka haingana fa izay maika tsy faingana izay moa no tena manavanana izao fitondrana Rajoelina izao. Amin`ny lafiny iray dia tsy misy maharatsy ny manao zavatra haingana, saingy tsy mbola nisy tao anatin`ny 60 taona izany fanadinam-panjakana tsy nasiana deliberation, na fivoriana fandinihana ataon`ireo mpitsara fanadinana izany raha tsy tamin`izao CEPE teo izao. Tonga dia navoaka avy hatrany talohan`ny fetim-pirenena ny vokatra, fa ny hamalifaly vahoaka no tanjona. Dia asa indray koa na hitohy izany amin`ireo fanadinana BEPC sy BACC, ka izay tian`ireo ao amin`ny minisiteran`ny fanabeazana hatao ihany no tanterahina, fa tsy hakana intsony ny fanakatoavan`ny mpitsara na atao 09/20 na 08/20 aza ohatra no hatao afaka. Tsy mandry koa ny sain`ny mpianatra sy ny raiamandreny ny amin`ireo mpiasan`ny Anjerimanontolo izay mitokona niverimberina, fa tsy mandray karama. Hanana fiantraikany amin`ny fanadinana bacc ve izany ? Ao koa ireo mpitsara sy mpanara-maso ny fanadinana CEPE, BEPC, BACC 2021 izay mbola tsy nisitraka ny tambin-karamany hatramin`izao. Raha hitokona koa ireo dia inona no hiseho ? Hihemotra ve ny fanadinana Bacc ? Ary farany, asa raha dia hisy indray ny maizimaizina, ka sanatria hivoaka alohan`ny fotoana indray ny laza adina fa efa tena mahakivy ny zavatra toy izany tao anatin`izao fitondrana izao. Raha fehezina dia tena tsy milamina mihitsy ny fampianarana eto Madagasikara hatreto : tena midina ambany dia ambany ny fari-pahaizan`ny mpianatra hoy ny mpampianatra maro, be dia be ny kitoatoa amin`ny fanomanana ny fanadinana ary fanjakana malaza amin`ny tsy fandoavana ara-potoana ny karama sy tambin-karaman`ny mpiasa no misy ankehitriny. Dia ho aiza ny firenena rehefa ny fampianarana sy ny fampianarana no mikororosy sy latsaka ambany dia ambany toy izao ?

**Ny Valosoa**

Ministra voalaza ho mpanavakavaka

# Tsy milamina ny ao amin'ny raharaham-bahiny, migrevy ny mpiasa



*Ireo avy amin'ny sendikan'ny mpiasa ao anivon'ny ministeran'ny raharaham-bahiny.*

Voalaza ho mpanavakavaka ny ministry ny raharaham-bahiny Richard Randriamandranto, izay antony izay, anisan'ny tsy mampilamina ny ao amin' ity ministera ity amin'izao fotoana, ka mahatonga ny fitokonan'ny mpiasa. Nanao fanambarana ny sendika miisa 2 ao anivon'ity ministera ity:

"Taorian'ny valim-panontaniana nomen'Andriamatoa Minisitry ny Raharaham-bahiny an'ireo Solombavam-bahoakan'i Madagasikara ny 29 jona 2022 teo teny amin'ny CCI Ivato :

Tsy marina ny filazan'ny Ministra fa misy ambadika politika ny fitakian'ny mpiasan'ny raharahambahiny, hanatsaharana ny fanavakavahana ato anivon'ny Ministera :

Tsy ekenay ary melohinay ireo teniny sy fihetsiny manebaka sy manevateva ary manambany anay mpiara-miasa aminy,

Tsy ekenay ary melohinay ihany koa ireo teniny maneho mivantana, na ankolaka ny fanavakavahana ara-pihaviana izay nataony taminay mpiaramiasa.

Tsy vonona ny hitondra vahaolana maharitra hanafoanana izany tsy fahamendrehana izany ny Minisitra, satria nailika fotsiny tany amin'ny resaka politika ny olana.

Aoka ny Minisitra tsy hialokaloka ao ambadiky ny antoko politika sy ny Governemanta amin'ny fanavakavahana izay ataony.

Ny « fihaonana in-telo miantoana » izay nolazainy fa nisy dia tsy nataony velively hamahana olana, fa hanapempoana ny mpiasa ary nitadiavany hametrahana ny fomba fijeriny azy manokana sy fanamaivanana ny fitakian'ny mpiasa.

Koa rehefa tsy nanaiky izay fomba fijeriny izay ny sendika dia izy mihitsy no nandà tsy hanohy intsony ny fifampiresahana. Izay no antony nahatonga ny fanapahan-kevitry ny sendikà voatery hanao ny grevy satria tapaka ny fifampiresahana.

Manamafy fa tsy misy ambadika politika velively ny fitakianay ary mahakasika ny mpiasa rehetra.

Fitakiana (Revendication) sendikaly madio mihitsy no ataonay, satria mahakasika mivantana ny mpiasa, ny tontolon'ny asa sy ny maha-olona izay misy fiantraikany amin'ny kalitaon'ny asa.

Tsy marina ny filazana fa ireo nody ny taona 2019 no mitaky affectation sahady any amin'ny Masoivoho :

Mazava ireo rijan-dalàna mifehy ny asan'ny Raharaham-bahiny. Hita fa mampihinana am-bolony fotsiny Andriamatoa Minisitra, raha nanazava ny momba ny affectation teo anoloan'ireo solombavambahoaka, satria fanazavana diso no nentiny.

Mazava ny voalazan'ny Sata mifehy ny asany eto amin'ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny: misy fe-potoana voasoratra mazava hiasana any ivelany, sy hiasana eto amin' ny Département central.

Ny fampiharana io fifandimbiasan'asa io no takian'ny mpiasa iray manontolo.

Tamin'ny taona 2019 no napetraka sy natomboka ny fampiharana ireo rijandalàna ireo, kanefa nandritra ny 3 taona izay dia tapaka ny fampiharana izany.

Tsy azo avela ho raraka an-tany anefa ny ezaka nataon'ny Fitondrana izay notanterahin'ireo Minisitra nifandimby, ho fanatsarana ny Minisitera sy ny tontolon'ny Diplômasia.

Ny zava-misy ankehitriny dia mampanahy, fa ho very an-javony ireo ezaka fanatsarana sy fanavaozana natao ireo, raha mitohy ny andraso andraso tahaka ny nolazain'Andriamatoa Minisitra.

Mikasika ny fitakiana ny tambin-karama (indemnité de représentation) :

Tsy sasatra mamerina izahay fa efa nankatoavin'ny Filankevitry ny Governemanta io tambinkarama io, ary efa voasoratra ao anaty lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana 2022 (LFI sy LFR, izay tsy nasiam-panitsiana). Notakiana taminay im-betsaka ireo antontantaratasy rehetra mikasika io « indemnité » io, ka efa nalefanay any amin'ny tompon'andraikitra mahefa hatrany izany.

Ankehitriny anefa dia miverina indray any amin'ny resaka « incidence budgétaire » ny fanazavan' Andriamatoa Ministra ny indemnités de représentation. Matoa anefa nahazo fankatoavana tao amin'ny tetibolam-panjakana ny sora-bolan'io indemnité io dia efa nisy izany ny « étude d'impact budgétaire » mahakasika izany, ary tsy mihoa-pampana velively.

Ho anay, fandrirarirana sy fandaniam-potoana ho anay izany rehetra izany, satria laharan'ny Arrêté sisa no andrasana.

Tsapa araka izany fa tsy nahavita nitondra ny hetahetanay tamin'Andriamatoa Praiminisitra sy Andriamatoa Filohampirenena Andriamatoa Minisitra.

Eo anatrehan'izay voalaza rehetra izay, ny Sendika roa tonta dia :

Mitsipaka marindrano ny filazan'Andriamatoa Minisitra fa misy ambadika politika ny fitakianay ;

Manohy ny fitakiana ny fampiharana ireo rijan-dalàna mifehy ny asa eto anivon'ny Ministera, mitaky ny fanohizana ny ezaka nataon'ny minisitra nifandimby, ka tsy handrodana izay efa natsangana ;

Manamafy ny fitakiana ny laharan'ny Arrêté mahakasika ny tambin-karama, izay hany sisa andrasana mba hisitrahan'ny mpiasa izany isam-bolana.

Fehiny,

Ny Sendika roa tonta dia nanapa-kevitra fa mitohy ny fitokonana, ka ireto avy no takian'ny mpiasa :

Ny fampiharana tsy misy hatak'andro ny rijan-dalàna mikasika ny rotation sy ny affectation.

Ny fisitrahanay isam-bolana ny tambin-karama napetraky ny lalàna ho anay.

Ny fanatsarana ny tontolo enti-miasa eto anivon'ny Ministera, amin'ny lafiny ara-bola sy ara-pitaovana, mba ho tandrify ny maha- Ministeran'ny Fiandrianam-pirenena (Ministère de souveraineté) ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny, ary indrindra indrindra ny fanatsaharana ny fanavakavahana ara-piaviana ataon'ny Minisitra.

Koa araka ireo rehetra voalaza ireo, dia mampametra-panontaniana ny hoe Minisitry ny Raharaham-bahiny mahalala tsara ny asa atao ve no misy eto amin'ny Ministera, mampiray ny mpiasa sa mampizarazara? Ary ambonin'izay, moa va olona manana Fahendrena, mahay manetry tena ary feno fanajana, mendrika ny hitantana ny Departemantan'ny Fiandrianampirenena, izay mitondra ny endriky ny Firenena eran'izao tontolo izao no misy ankehitriny?"

**Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Volamena 36 kg mahery tsy hita

# Tsy madio ny Praiministra Ntsay na manilika andraikitra aza

Raha olompirenena mahatsiaro tena ho tia an'ity Tanindrazana iombonana ity dia tsy misy tsy mahatadidy, fa anisan'ny noresahan'i dRajoelina Andry ny mponina teto an-drenivohitra ny nilazany ombieny ombieny fa nanao ampihimamba sy nampifangaro ny fitantanana ny Firenena sy ny fitantanana orinasany ny Filoha Ravalomanana Marc. Voafitaka ny olom-bitsy ka rehefa notsofin-dRajoelina Andry rano dia nandroba ny orinasan-dRavalomanana Marc teny Ankorondrano sy Tanjombato ary tany amin'ny Faritra. Tsy nionona tamin'izany ny mpandroba sy ny mpananaraoa-paty fa norobainy koa ny toeram-pivarotana sy ny fampielezampeompirenena ary ny fahitalavim-pirenena ny 26 Janoary 2009. Araka ny fantatra dia tsy mbola nisy nahazo onitra voarakitra ao amin'ny Tondro Zotra norafetin'ny Vondrona Iraisam-pirenena nitantanana ny Tetezamita. Tsy niafina tamin'ny tantsaha, mpamokatra vary tany Alaotra fa tsy ampihimamba velively no nataondRavalomanana Marc raha nanangom-bokatra tany izy tamin'izany fotoana, fa fiarovana ny tantsaha manoloana ireo mpijirika izay nanambaka azy ireo tamin'ny fividianana mora ny vokatra. NamitahandRajoelina Andry sy ny mpiaradia taminy koa ny fanaratsiana ny zava-bitan-dRavalomanana Marc, ka nampielezany fa « ny làlana tsy azo ohanina » ka potika tanteraka ny làlam-pirenena rehetra amin'izao fotoana izao. Odian-tsy tadidiana izany, ka mitohy ihany ny famitahan' izao fitondrana izao ny mponina, ka misoloky sy misandoka amin'ny fametrahana « vato fototra » fanindroany ireo fanamboaran-dàlana efa nametrahan'ny mpitondra teo aloha « vato fehizoro », satria efa nahazoana famatsiam-bola. Mazava ho azy fa latsa-panenenana ny ankamaroan'ireo nanao telimoka ireny fanaratsiana rehetra ireny satria mahita fa zara raha misy làlana vita rarivato amanjato metatra no tokanan'ny filohan'ny Repoblika Rajoelina etsy sy eroa. Amin'izao fotoana izao dia mitady ny fomba rehetra hangoronan-karena ny ao an-dapa ao sy ireo mpisandoka ho akaiky ny filohan'ny Repoblika. Tsy hadino ny fanodikodinam-bola nataon'ny tomponandraikitra vitsivitsy ny vola fanampiana avy any amin'ireo Mpiara- miombon'antoka niatrehana ny valanaretina covid-19. Tsy mbola naheno ny malagasy, fa nisokatra ny fanadihadiana momba ity toejavatra ity ary maizina tanteraka ny tohiny na dia efa nampidirina am-ponja aza ny namatsy ny « bobons sucettes » ary tsy fantatra kosa ny momba ny « écrans plats ». Nesorina tamin'ny toerany fotsiny ireo tomponandraikitra voalohany ireo kanefa azo antoka kosa, fa tsy lany tanteraka ny vola nividianana ireo zavatra ka nivily làlana nankaiza. Marina fa nisy ireo volamena naondrana na saika naondrana « antsokosoko » tratra na tany ivelany na teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato kanefa araka ny fantatra dia betsaka lavitra noho ireny no efa navoaka mangingina izay azo antoka kosa fa fantatry ny tandapa sy ny manodidina ny eo amin'ny fitondrana fara-tampony ny fisiany. Nolanian'ny tao amin'ny parlemanta ny tsy fahazoana manenjika ny ben'ny tanàna (immunité) sy ny governora na dia manao fahotana mahafaty aza izy ireo. Raha ny eto an-drenivohitra no asian-teny dia efa vita kajikajy manara-penitra ny nanesorana ny « Easy Park » teo amin'ny fitantanana ny fiantsonan'ny fiara satria orinasa ananan'ny ben'ny tanàna sy ny manodidina azy petrabola no nasolo izany. Fanangonan-karena na halatra nahazoan-dàlana (vol autorisé) izany satria tsy azon'ny ben'ny tanàna atao ny mindram-bola amin'ny anarany. Tadiavin'ny ben'ny tanàna omena orinasa tsy miankina indray ny fitantanana ny tsena eto an-drenivvohitra. Matoa misy izany tetika izany dia azo inoana fa orinasa hananan'ny ben'ny tanàna petrabola indray izany oriansa izany, ka fomba iray hangoronan-karena manarapenitra izany. Torak'izany koa ny fampitahorana ny mpitatitra zotra 182 izay lazain'ny ben'ny tanàna, fa homeny kôperativa hafa ny "licence" rehefa tsy manaiky ny fandaminana ny eo am-perinasa. Iaraha-mahafantatra fa misy ilay mpandraharaha, mpanefoefo, eo ankavanan-dRajoelina Andry, izay manao am-pihimamba ny sehatra rehetra manomboka amin'ny lavanila izany ka hatramin'ny fanafarana entana avy any ivelany. Mbola tsy mazava aloha raha ity olona ity no ao ambadiky ny SPM fa ny azo antoka dia iarahan-koman'ny ao amin'ny fitondrana ny tombony azon'ity mpandraharaha ity amin'ny alàlan'ny sehatra rehetra idiran'ity mpanefoefo mampiasa olona efatra arivo ity. Tsy afaka miala ny Praiminisitra, na inona na inona fanadiovan-tena sy fanilihana andraikitra amin'ny hafa momba ilay volamena milanja 36 kg, nisy nanao majika ka nivadika vy isan-karazany. Tsy misy tomponandraikitra ambony esorina amin'ny toerany ka tsy manao famindran'asa (passation de service) amin'ny antsipirihany momba izay zavatra misy ao amin'ny toeram-piasana, indrindra indrindra, raha misy zavatra sarobidy toy ny volamena voalaza etsy ambony. Mety misy ihany ny olona manao telimoka nolazain'ny Praiminisitra, ka voafitaka kanefa ny "adala no tsy ambakaina hono ny tahotra ny ao ambony" raha tsy efa tena manao an'Andriamanitra ho tsy misy mihitsy angaha izao fitondrana izao. Sady Praiministra i Ntsay Christian no ministry ny harena an-kibon'ny tany nandritra ny fotoana naharitraritra ihany, olona toy izany ve dia tsy hanao famindrampahefana, tsy hahafantatra izay zava-tsarobidy ao amin'ny ministera misy azy, ary nanao famindra-pahefana tamin'ny ministra teo aloha Fidiniavo Ravokatra izy, izay lazain'ny gazety iray fa nangalatra ireo volamena, matoa tsy hit any volamena tao amin'ny coffre dia mety ho kobaka nisasahana teo amin'ny ministra Fidiniavo Ravokatra sy ny Praiministra Ntsay izany. Antenaina fa hanao fanadihadiana momba izao raharaha izao ny Bianco sy ny PAC.


***Andry Tsiavalona***

## Tsy rariny intsony ity delestazy ity, simba ny fiharian'ny maro

(facebook – NY VALOSOA VAOVAO)

**Clothilde Rakotovao:** tsy rariny intsony ity delestazy ity, samba ny fiharian'ny olona maro, aiza ve koa adiny 5 ny fahatapahanjiro omaly.

**Mahefa Rakotomalala :** RY JIRAMA SY FANJAKANA Ô, AOKA ALOHA ZAY LE DELESTAGE FA AMPY ZAY 5 ORA ZAY. PARALYSE TANTERAKA NY FIAINAN'NY VAHOAKA. ESORY ALOHA ZE TSY MAHAVAHA OLANA AO FA TENA MI-PLAFONNE TANTERAKA.



**Tiana Rajaona :** tena Leo a !

**Velo Ghislain Arsene:** tsy misy ny pénurie solika namana a!

**Rina Rahandrilala:** mbola tsisy otran zao hatrizay nahatsiarovako saina!

**Njaka Andriantefiarinesy :** fa misy inona r'ise ?

**Joelitiana Rasoazanadrasoa:** mahavaha olana dôly zareo ka… Tsis miala eo rasta.

**Jano Rakotonirina :** mila miharitra kely dia lahy.

**Patrick Andriamahefa :** zà mivarotra groupe mora!

**Andry Sitraka Andrianjakazanany:** ka iza Ary leity lay esorina ? Nefa lay mpanaisotra mihitsy no olana.

**Harivalona Solomona:** fa iza moa no hesorina ry Mahefa Rakotomalala ? Toa mitovy daholo ry lerony...

**Kaniza Maria Razafimanantsoa :** tena tafahoatra lay Jirama.

**Christian Rakotondramanga :** mbola sahy ve @ 2023.....!!!!????

**Didier Rambelo :** niakatra angaha ny vidin'ny solika r'ise?

**Haja Rahamelison:** Mahefa, fampandrina adrisa no betsaka inona aza no atao vaha olana e?

**Kolorindra Garry Ranaivoson:** ary ny an'ialahy isany toa adin'ny 5 fotsiny? Mbola nampiadaniny kely aza ialahy isany.

**Mahefa Rakotomalala:** 8h-16h delestage ary mbola tsy fantatra izay ho avy. Record du monde. Tena miala tsiny a! fa mety hoe nisy fahavendrana ihany koa ze mpitantana tany aloha fa tsy mbola nisy otranty e.

**Mia Rabe :** hatraty io e! Leo tanteraka.

**Tiana Rajoelisolo :** Mahefa Rakotomalala: tsy hita tao anaty maizina zany angamba ny sifflet- n'ny polisy sy ny gendarmes dia mikatso hatraty Anosibe lavitra be aty.

**Joelitiana Rasoazanadrasoa :** bac +24 reo f'aza Masiaka be.

### FAHA-20 TAONAN'NY ANTOKO TIM

# Maro no latsa-dranomaso amin'ny fampirantiana ny tantarany



*Ny fanokafana ny fampirantiana tetsy amin'ny Magro Behoririka.*

Natomboka ny alakamisy teo, ka tsy hifarana raha tsy anio sabotsy ny fanokafana ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Fampirantiana ny tantaran'ny antoko no nisantarana izany omaly sy afak'omaly, nosokafan'ny sekretera jeneraly nasiônalin'ny antoko Rina Randriamasinoro, niaraka tamin'ireo mpikambana ao amin'ny birao politika nasiônalin'ny antoko, sy ireo olom-boafidy avy amin'ity antoko ity: depiote sy ben'ny tanàna ary mpanolotsainan'ny tanàna TIM,… Aranty mandritra izany koa ny lalana nodiavin'ny filoha Marc Ravalomanana, filoha mpanorina, sady filoha nasiônaly amin'izao fotoana. Nampihetsipo ny maro tonga nijery ny fampirantiana ireo sary samihafa naseho nandritra izany, maro noho izany ireo latsa-dranomaso nahatsiaro ireo zava-bita maro vitan'ny fitondrana Marc Ravalomanana sy ny antoko TIM, nefa nopotehan-dry mpanongampanjakana notarihandRajoelina tamin'izany fotoana, ary mbola mitohy ankehitriny izany famotehana ny firenena ataon' izy ireo izany. Ireo potika tamin'ny taona 2009 aza, maro ireo mbola tsy tafarina, na tsy ho vita mihitsy raha mbola izao fitondrana Rajoelina, mpanimba firenena, sy mpampijaly vahoaka, ary tsy mihaino ny fitarainam-bahoaka izao no mbola mitondra eo. Anio, vavaka iraisam-pinoana no hanombohana ny fotoana etsy amin'ny Magro Behoririka, hisy avy eo ireo lahateny isan-karazany, heverina fa anisan'ny handrasana amin'izany ny lahateny sy ny hafatra avy amin'ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny rodoben'ny mpanohitra sy ny antoko TIM amin'izao fotoana. Hitodika etsy amin' ny Magro Behoririka arak' izany ny mason'ny mpanara-baovao politika anio.

***Isambilo***

## TONONKALO

# Ry `lay olona voahosotra sady maro anaram-bosotra !

Nolazain`ny mpaminany voakarama tany ho any
Fa ianao no ilay nirahina mba hitondra famonjena.
Kanjo hatreto rediredy miharo laingalainga izany,
Fa vao mainka mihamilentika, potika ny firenena !

Dia nitranga indray ny sasany ka naneho ankarihary
Fa ianao no ilay hanavotra ny gasy tsy ankanavaka.
Raha ny zava-misy anefa , mihamaizina ny sary.
Mainka i Madagasikara toa mizotra ho any an-davaka !

Tena nisy ihany koa ny mpanakanto evanjelika
Izay nanolotra tsodrano miampy fanomezan-toky.
Kanjo avy eo dia niala tsiny fa tsy nety angaha ny fika,
Nony injay voakiana mafy tany anaty fesiboky !

Mbola ho avy koa angamba ireo karazana mpimasy
Ka hanindrahindra anao ho tena olona voahosotra.
Saingy aza mino intsony hoe mbola badobe ny gasy
Ry `lay tena mampiaiky f`efa maro anaram-bosotra !

Rainilainga , Rainikobaka , efa anaranao daholo.
Mety mbola hiampy izany , tsy hifarana ny lisitra.
Aoka izay ny hoerahoera sy fanaovana bontolo,
Fa jereo ny firenena , sasatry ny miady gisitra !

***TSIMIMALO (01-07-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Isambilo

**Ny fanokafana ny fampirantiana momba ny tantaran'ny antoko TIM, sy ny filoha mpanorina ny antoko, ny filoha Marc Ravalomanana, etsy amin'ny Magro Behoririka, ao anatin'ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko.**









**Ny Vehivavy TIM Analamanga tetsy Bel'Air, nandray ireo Vehivavy TIM avy any amin'ny Faritra, hiatrika ny fanokafana ny fankalazana ny faha-20 taona ny antoko TIM.**









## NY TENY FIAINANA

*"Ary ny aminareo, dia izay efa renareo hatramin'ny voalohany no aoka hitoetra ao anatinareo. Raha mitoetra ao anatinareo izay efa renareo hatramin'ny voalohany, dia hitoetra ao amin'ny Zanaka sy ny Ray kosa hianareo."*

***I Jaona 2:24***

### KITRA TELMA COUPE DE MADAGASCAR

# Tsy nahazo an'i Mahamasina ny lalao famaranana

Tsy nahazo an'i Mahamasina, fa etsy amin'ny kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass" no hanatanterahana ny lalao famaranana baolina kitra « Telma Coupe de Madagascar 2022 » hifanandrinan'ny ekipan'ny Elgeco Plus Fc Analamanga, sy ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc Boeny amin'ny alahady 03 jolay 2022 ho avy izao hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro.

Mbola aorian'ny fibatan' izy ireo ny amboara araka izany vao ho afaka hizatra tsara ny kianjan'i Mahamasina raha hisy izay ekipa hisolontena an'i Madagasikara amin'ny lalao afrikana fa hatreto aloha dia ny hetsika ara-pilazantsara sy ny lanonana ôfisialy karakarain'ny fitondram-panjakana no mahazo laka ao amin'ity kianja ity.



*Ny kianjaben'i Mahamasina nandray hetsika ara-pilazantsara.*

Dia ahoana izany ny famerenana ny volabe navaozana azy ?

Marihana fa tamin'ny alarobia 29 jona 2022 lasa teo teny amin'ny kianja "Elgeco Plus Stadium" dia lavon'ny Fosa Juniors tamin'ny isa mazava 3-1 ny As Fanalamanga teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana voalohany ary ny ekipan'ny Elgeco Plus kosa teo amin'ny ankatoky ny famaranana faharoa dia nanilika ny ekipan'ny Disciples Fc tamin'ny "tirs au but" 4-3 rehefa nisaraka ady sahala 2-2 no roa tonta taorian'ny fanalavam-potoana.

***Rainilita***

### « Tournoi Orange Sponsors Change »

# Ny Elgeco Plus U13 no misolotena an'i Madagasikara

Nanomboka omaly zoma 01 jolay 2022, ka hatramin'ny 04 jolay 2022 any Casablanca Maroc ny fifaninanana baolina kitra « Tournoi Orange Sponsors Change » izay lalao iraisam-pirenena hifaninan'ireo ekipa afrikanina sokajy U13 avy amin'ny firenena miisa 10 misy ny Orange (Burkina Faso, Cameroun, Côte d'Ivoire, Liberia, Madagascar, Mali, Maroc, République , Sénégal ary i Sierra Leone). Mazava loatra fa ny Orange no mikarakara ny hetsika mba hahafahan'ireo katitakely miaina tanteraka ny fitiavan'izy ireo baolina kitra aty Afrika.

Ny Elgeco Plus U 13 izay nibata ny amboara « Orange Kitra Change » Malagasy no misolontena an'i Madagasikara miatrika an'ity fifaninanana ity.




*Elegeco Plus U13.*

Ankoatra ny fiatrehan'ireo katitakely ny fifaninana baolina kitra dia voizina mandritra ity hetsika ity ny antsoina hoe : « forte connotation sociétale et environnementale » sy ny hetsika fanadiovana « Plages » hataon'izay ireo any Maroc.

***Rainilita***

### Basket-ball

# Hanomboka anio eny Ankatso ny Criterium National U12 lahy sy vavy




*Critérium National U12.*


Hanomboka anio sabotsy 02 jolay y2022 eny amin'ny kianja "Terrain universitaire Ankatso " ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 10 joaly 2022 ho avy izao ny hetsika Fihaonamben'ny Baskety hoan'ny ankizy latsaky ny 12 taona na ny "Criterium National U12 Filles & Garçons 2022" .

Ny FMBB "Federasiona Malagasy Basketball" no mikarakara ny hetsika izay ao anatin'ny Programan'asa karakarain'ny : Commission mini-basket ary tohanan'ny MVola sy miara-miasa amin'ny Oniversite Antananarivo, Ligy Analamanga Basketball, Orinasa VIGIE ary ny Klioba TGBC Betsiboka.

Mpilalao zazalahy sy zazavavy maherin'ny 900 isa avy amin'ny klioba mahatratra 61 avy amina ligin'ny basikety 12 no handray anjara amin'ny hetsika.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Varanga ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy, ro matsatso anana sy angivy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny angivy

Ny soa azo avy amin'ny angivy indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Manampy amin'ny fandevonan-kanina. Tsara rehefa mihinana laoka matavy dia asiana ron'angivy. Mampihena vatana , manala tavy. Miady amin'ny cancer, tsara ho an'ny olona misy cancer. Tsara ho an'ny taolana. Tsara ho an'ny olona tsy ampy rà. Mahatsara ny saina sy ny atidoha. Tsara ho an'ny fo , mampilamina tosi-drà. Mampilamina ny siramamy, tsara ho an'ny olona diabetique. Tsara ho an'ny vehivavy bevohoka .



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Manakambahiny Ouest distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro



Ny tanànan'i Manakambahiny Ouest distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manakambahiny Andrefana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Any afovoan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana izy satria 791 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Misy mpanjono koa ny mponina any Manakambahiny Andrefana.

Raharaha OMDA

# Mirehitra ny môtro eo amin'ny ministra Lalatiana sy ny artista






*Ny minisitra Lalatiana sy Samoela, mpikambana ao amin'ny filankevi-pitantanan'ny OMDA.*

Azo lazaina fa mirehitra ny afo, na ny môtro amin'izao fotoana, eo amin'ny ministry ny serasera sy ny kolontsaina Lalatiana Andriantongarivo Rakotondrazafy, sy ireo artista, soloin'ireo ao amin'ny filankevi-pitantanan'ny OMDA, na ny ôfisy misahana ny fiarovana ny zon'ny mpamorona. Nisy ny fanambarana nataon' ny solontenan'ireo mpanakanto sy mpamorona mahakasika izay:

"Izahay mpikambana solontenan'ny mpamorona sy artista ao amin'ny filankevi-pitatanana (CA) OMDA, voafidy tamin'ny fivoriambe (AG) dia maneho ny tsy fankasitrahana ny tsy fanajana ny rafitra ara-pitatanana eto anivon'ny OMDA.

Ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina izay nanao fifanarahana (convention) ny 21 jona 2022, niaraka tamina orinasa tsy miankina iray, izay mamatotra ny OMDA, sy ny mpikambana kanefa tsy nandalo fankatovan'ny Assemblée Génerale (AG), sy ny Conseil d'Administration (CA), izay rafitra hany mpanapaka eo anivon'ny OMDA (araka ny sata mifehy ny OMDA).

Koa noho izany izahay dia mitsipaka marindrano izany fifanarahana, tsy manaja ny rafitra sy ny artista ary mampizarazara koa ny mpikambana .

Aoka tsy hanararaotra ny fotoana tsy maha-marintoerana ny OMDA sy ny tsy fisian'ny tompon'andraikitra voatendry aradalàna."

Namaly io voalazan'ny solontenan'ny mpanakanto io omaly, ny avy ao amin'ny ministeran'ny serasera sy ny kolontsaina, nilaza fa : "fatra-panaja amin'ny antsipiriany ny voalazan'ny didy amandalàna manan-kery eto amin'ny tany sy ny fanjakana ny ministera, ka tsy handika lalàna velively mihitsy na kely aza amin' ny dingan'ny fanavaozana tiany apetraka eo anivon'ny OMDA."

Henjan-droa arak'izany aloha ny tady hatreto, eo amin'ny solontenan'ny artista ao amin'ny OMDA, sy ny ministera. Mety hiafara amin'ny fahatapahany rehefa samy miziriziry.

**Stefa**

« Cosafa Cup Afrique du Sud 2022 »

# Malagasy roa no hitsara lalao any Afrika Atsimo

Anisan'ireo voatendry hitsara lalao mandritra ny fifaninanana Cosafa Cup 2022 hatao atsy Afrika Atsimo hanomboka amin'ny 05 ka hatramin'ny 17 jolay 2022 ho avy izao ny mpitsara Malagasy 2 : Tsimanohitsy Ibrahim Ben (mpitsara afovoany) sy Andriatinarivelo Dimbiniaina ( mpitsara mpanampy).

Hisantatra ny fifanintsanana ny ekipan'i Seychelles sy Botwana amin'ny talata 05 jolay hanomboka amin'ny 3ora (ora Afrika Atsinanana) ary hifanesy hiatrika ny fifanitsanam-bondrona ny ekipan'i Seychelles, Botswana, Angola, Comores, Maurice, Eswatini, Lesotho ary Malawi.

Any amin'ny lalao am-pahefadalana kosa no miditra an-tsehatra ny ekipan'i Madagascar, Namibie, Zambie, Sénégal, Afrique du Sud ary Mozambique ka i i Namibie no hifanandrina amin'ny Barea Cosafa amin'ny 12 jolay 2022 hanomboka amin'ny 03 ora (ora Afrika Atsinanana).

Marihana fa amin'ny alahady 17 jolay 2022 manomboka amin'ny 08 ora alina ora (ora Afrika Atsinanana) no hantanterahana ny lalao famaranana amin'ity fifaninanana ity.

**Rainilita**




*Ben Ibrahim sy Dimbiniaina.*

Tanora TIM Diego

# Avoahay tsy misy fepetra i Ninie Donia



Manao ranolava amin'izao fotoana ireo fanambarana milaza fanohanana an'i Ninie Donia sy ny namany, amin'ny fampidirana am-ponja azy ireo, ka nanamelohana azy enim-bolana an-tranomaizina sazy mihàtra, nefa fitakiana ara-drariny, sy fiarovana ny mponina madinika tsy ho robain'ny hafa ny taniny no nataon'izy ireo. Anisan'ny manameloka izao fanagadrana an'i Ninie izao ny Tanora TIM Diego, tsy rariny ny fanamelohana azy hoy ny fanambarana, ka izy ireo mitaky ny tsy misy fepetra ny famoahana azy sy ny namany ireto Jeunes TIM any amin'ny faritra Avaratry ny Nosy ireto.

**Niaina**

Amboaran'ny Ben'ny tanànan'Ambohimanambola

# Lasan'ny ekipan'ny « Mecamad » Ampahimanga ny Omby lahy

Ny ekipan'ny "Mecamad" fokontany Ampahimanga no nibata ny amboaran'ny fifaninana baolina kitra "Coupe du maire 2022" ka nahazo ny amboara Omby lahy sy « maillot » niisa 12 » ary marim-pankasitrahana ihany koa tamin'izany.

Nomena « But » sy « Filet » avokoa ireo kianja 5 nandray anjara tamin'ny fandraisana an'ity « Coupe du Maire 2022 » ity.

Ny ekipan'i Morarano fokontany Ambohibato no nahazo ny laharana faharoa ka notolorana Ondry roa sy « maillot » ary marim-pankasitrahana ihany koa.

Ny ekipan'Antanetilava fokontany Ambohimanambola Firaisana sy ny ekipan'Antanitilava sy Antodiana no nahazo ny laharana fahatelo sy fahaefatra ka samy nahazo « maillot » sy marim-pankasitrahana ary Ondry iray avokoa.

Ireo ekipa niatrika ny lalao 1/8-ndalana rehetra dia nozaraina « maillot » avokoa ary ireo ekipa ambiny tsy tafakatra tamin'izany 1/8-ndalana izany dia nozaraina Baolina Kitra iray avokoa.

Marihana fa avy amin'ny antoko TIM ity ben'ny tanànan'Ambohimanambola ity.

**Rainilita**




*Ny lalao fiadiana ny Coupe du Maire 2022 teny Ambohimanambola.*

Kaominina Talatamaty

# Tratra ny tanjona tamin'ny fampidiran-ketra

Nisongadina nandritry ny tatitry ny ben'ny tanànan'i Talatamaty, distrikan' Ambohidratrimo fa tratra ny tanjona tamin'ny fampidiran-ketra tamin'ity taona ity satria nahatratra 70% izany ankehitriny raha toa ka 60% tamin'ny taona lasa. Mavitrika ny mponina hoy ny ben'ny tanàna, Raharinoasy Elie Domnique. Nambarany fa ireny vola miditra ireny no hanatanterahana fanamboarana fotodrafitr'asa sy fikojakojana samihafa. Mitohy ny ezaky ny kaominina toy ny fanamboaran-dàlana, fametahana jiro anelakelatrano, fanamboarana sekoly, fanavaozana ny tsenan'i Talatamaty, ankoatr'ireo ezaka efa vita teo aloha toy ny fanaovana kopia faobe tamin'olona miisa 196 sy ireo zaza vita didipoitra miisa 240 ihany koa. Hamafisina ihany koa ny sehatry ny tsy fandriampahalemana ary hiara-hiasa akaiky amin'ny mpitandro filaminana ny kaominina amin'ny fampiofanana ireo quartier mobile sy ny andrimasom-pokonolona. Matotra ihany koa ny fitantanana ara-bola ary miara-miasa amin'ny mpamatsy vola sy mpiara-miombon'antoka ny kaominina Talatamaty. Niavaka ihany koa moa ny kaominina tamin'ny fanamarihana ny fankalazana ny faha-62 taona niverenan'ny fahaleovantenam-pirenena malagasy.



*Raharinoasy Elie Dominique, ben'ny tanànan'i Talatamaty.*

**Rajo**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**02/07/2022 hatramin'ny 09/07/2022**

**- NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
**- AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
**- RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
**- SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
**- H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1315-07-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### KAOMININA SABOTSY NAMEHANA

# Mahazaka tena amin'ny resaka fampandehanan-draharaha

*Tafaresaka tamin'ny ben'ny tanànan'ny kaominina Sabotsy Namehana distrikan'Antananarivo Avaradrano, Andriamosa Avotriniaina ny gazety Ny Valosoa Vaovao, mahakasika ny fampandrosoana ny toekarena sy ny sôsialin'ny mponina ao amin'ity kaominina ity. Dinidinika :*

**-Gazety Ny Valosoa Vaovao (GNVV) : efa « mandat 4 » no vitanao tamin'ity kaominina Sabotsy Namehana ity, inona no heverinao fa mbola tsy vita ho fampandrosoana ny toekarena sy ny sôsialin'ny mponina ?**

**-Andriamosa Avotriniaina (AA) :** Sabotsy Namehana dia azo heverina ho anisan'ny renivohitry ny distrikan'Avaradrano, na mbola kaominina ambanivohitra première categorie aza, miaraka amin'ireo kaominina 16 ato Avaradrano. Mandroso ny tanàna amin'izao fotoana : manaporofo izany ny fahatongavan'ny mpamatsy vola, ny fitomboan'ny isan'ny mponina sy ny fiitaran'ny tanàna, ny fisian'ireo foto-drafitrasa maro voatsangana. Ny anisan'ny anton' izany, navitrika sy mavitrika mandoa hetra ny vahoaka ary isaorana azy ireo izany. Ary ny hetra efainy dia miverina amin' ny vahoaka ihany, nanoavan'ny kaominina asa sôsialy miantraika amin'ny vahoaka, asa sôsialy mitsinjo ireo vahoaka. Na izany aza, misy ny tsy vita, toy ny fanaovana ny lalan-tany ho rarivato, ny fampirehetana ny jiro amin'ny mbola tsy misy izany, iadiana amin'ny tsy fandriampahalemana, ny fampitomboana ny fanomezana rano fisotro madio ny mponina.

**-GNVV : nanao ahoana tokoa ny ezaka nataon' ny kaominina teo amin' ny fanabeazana, ny fahasalamana, teo amin' ny resaka fahadiovana sy fidiovana ?**

**-AA :** mandroso ny fanabeazana ato Sabotsy Namehana, be ny foto-drafitrasa vita, ankoatra izany efa misy hatramin'ny Oniversite tsy miankina ato anivon'ny kaominina, eo koa ireo toeram-pianarana miankina amin'ny fanjakana maro. Eo amin' ny lafiny fahasalamana : misy CSB II Sabotsy Namehana, manana ambulance, na fiarakodia fitondrana marary. Eo amin'ny sehatry ny fahadiovana sy ny fidiovana, maro ireo paompin-drano naorina, ireo toeram-pivoahana namboarin'ny kaominina. Ny kaominina ihany no mitantana ny fakony, na tsy misy aza ny "redevance" alaina amin'ny fako any an-tokantrano ireny, manana kamiao miisa 2 mpaka fako ny kaominina, manana baka fanariam-pako iombonana miisa 11 ao anatin'ireo fokontany miisa 17. Misy ihany koa ny toerana fanatobiana ireo fako, fiaraha-miasa amin' ny kaominina rahavavy. Ankoatra izany, mijery ny tanora izahay amin'ny resaka fanatanjahantena samy hafa : eo amin'ny resaka rugby, ny baolina kitra lahy sy vavy, ny basket-ball, ny haiady.



*Ny ben'ny tanànan'ny kaominina Sabotsy Namehana Avaradrano, Andriamosa Avotriniaina.*

**-GNVV : efa niresaka fampidiran-ketra ihany ianao teo, manao izay ato anivon'ny kaominina Sabotsy Namehana ?**


**-AA :** nisy fiantraikany tamin'ny fampidiran-ketra izay, ny valanaretina coronavirus tamin'ny taona 2020, efa miakatra anefa izany amin'izao fotoana, noho ny fanentanana teo amin'ny fanaovam-baksiny ihany koa. Eo amin' ny resaka fampandehanan-draharaha na fonctionnement noho izany amin'izao fotoana, azo lazaina ho efa mahazaka tena ny kaominina. Izany dia noho ny fangaraharan'ny fitantanana arabola. Tsiahivina, nisy fiaraha-miasa tamina fiarahamonim-pirenena, sy ny MSI Tatao ary ny FAI2M, nahazo laharana faha-2 ny kaominina Sabotsy Namehana tamin'izany, teo amin'ny fangaraharan'ny fitantanana, fifaninanana nisy teo amin'ny kaominina miisa 40 tamin'ny distrika 10 ary faritra miisa 4 teto amin'ny Nosy. Raha ny resaka fampidiran-ketra izay, efa mahatratra 40% amin' izao fotoana ny tahan'ny hetra miditra na volana jona aza izao. Tamin'ny taona 2021 nahatratra 62% izany, heverina fa hihoatra be noho izany amin'ity taona ity. Na nanambara aza ny fanjakana, fa ao aorian'ny 30 jona amin'ny taona vao takiana ny hetra tambatra.

***Nangonin'Isambilo***

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

BEHARO

**N° 398**





**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0397)

***Mitsivalana***
- Taona – RM
- Atrika
- Nay – RN
- Tongotra
- Avia (miv)
- Sainay
- Iza ? – Mino

***Mitsangana***
- Tantely
- Atao
- Orinasa
- Ny – Gia
- Mivoaka (miv)
- Tany
- RR – AN
- Manadio

## TENY MIFANAPAKA N° 398





**Mitsivalana**

**1.** Mpivarotra **2.** Tsy lafo (miv) – Kianteny – Tsofoka **3.** May azon'afo **4.** Sakafon-jaza (miv) **5.** Fifanarahana – Dada, Aba **6.** Malot (miv) – Tsirin-teny Mpifanao **7.** Anio **8.** Tampisaka (miv) – Poteho amin'ny laona sy fanoto (miv) **9.** Niambina – Solfa (miv) **10.** Anelanelan'ny zato – Rano mandeha

**Mitsangana**

**A.** Mihodin-kodina **B.** Foto-tsakafo (BL) – Fanekena – Ila, iry (miv) **D.** Savoritaka **E.** Tolorana – Lalam-pirenena (miv) **F.** Ohatra (miv) – Fandraisana anjara **G.** Marina – Ranom-bava **H.** Firinga – Simba sy rava (BR) **I.** Kamban-telo – Mpanondro **J.** Ao amin'ny Baiboly – Loko (BL) **K.** Tovona (miv) – Vazana – Fahita lavitra


### Valiny Teny mifanaraka 0397

**Mitsivalana**

**1.** Valy - Sakay **2.** Olombelona **3.** Lahatra - Fo (miv) **4.** Mama (miv) - Saha (miv) **5.** No - Aina - In **6.** Or(ana) - Ady **7.** Ody - Niasa **8.** TT - Soa - Nao **9.** Roa - Fa **10.** Akariny - Zo

**Mitsangana**

**A** Volana - Tra **B.** Alamo - Koto (miv) **D.** Loha - Do (miv) - AA **E.** Siramamy (miv) **F.** BT - Osy **G.** Seranana **H.** Alahady - Fy **I.** K.O - Anay (miv) **J.** Anosy - Sa **K.** Fay (miv) - Ntaolo


SAHIA - MIJOROA - MINOA
TIAKO I MADAGASIKARA
20 TAONA
2002-2022
Fankalazana
Ny faha
20 Taona
Fantaro ny tantaran'ny Antoko
sy ny Filoha mpanorina.
ALAKAMISY -ZOMA
30 - 01
JONA - JOLAY
Fampirantiana sary sy ny tantaran'ny Antoko eo amin'ny Kianja MAGRO Behoririka.
SABOTSY
02
JOLAY
Fanokafana ny fankalazana ao amin'ny Kianja MAGRO Behoririka amin'ny 9 ora maraina.